Fiteny sinoa

Ny **fiteny sinoa** dia fiteny voasokajy amin'ny fiteny sinô-tibetaina. 1,3 lavitrisa mahery ny isan'ny olona miteny sinoa eto an-tany. Ny teny sinoa dia ao amin'ny vondron-tenin'ny fiteny sinitìka, izay antsona hoe "sinoa".

Sinoa	
Isan'ny mpiteny	1,31 miliara erak'izao tontolo izao
Faritany	▪ Sina (ofisialy) ▪ Taiwan (ofisialy) ▪ Singapaoro (ofisialy)
Sata	Ny teny mandarina no teny ofisialy amin'ny firenena izay manana teny sinoa ho teny ofisialy.

Fiteny sinoa

- fiteny sinoa mandarina : izay manana sata ofisialy any amin'ny Repoblika Entim-bahoakan'i Sina ary any Taiwan. Io fiteny io dia ny endrika laminan'ny fiteny sinoa tavaratra izay nomena sata ofisialy.
- fiteny wu, izay ampiasaina ao amin'y faritanin'i Jiangsy ary ao amin'i Zhejiang (mpiteny 77 tapitrisa eo ho eo)
- fiteny kantoney, tenenina ao amin'ny faritanin'i Guangdong, ny Guangxi ; manana sata ofisialy any Hong Kong, Macao, Azia atsimo atsinana ary tenenin'ny ankamaroan'ireo sinoa nifindra monina (71 tapitrisa no isan'ny mpiteny).



Ny tontolo miteny sinoa

- fiteny gan izay tenenina ao amin'ny faritanin'i Jiangxi, ary manana isam-piteny eo amin'ny 31 tapitrisa eo ho ao.
- fiteny hakka tenenina ao amin'ny faritra avaratr'i Guangdong, Fujian ary Taiwan (manana mpiteny miisa 34 tapitrisa).
- fiteny min izay hita ao amin'ny faritanin'i Guangdong, ny Fijiana ary Taiwan (manana mpiteny miisa 60 tapitrisa).
- fiteny xiang ao Hunan (36 tapitrisa no miteny azy).
- fiteny jin any avaratr'i Sina, samihafa amin'ny teny sinoa tavaratra (ary noho izany amin'ny mandarina).
- fiteny hui samihafa amin'ny teny wu.
- fiteny ping samihafa amin'ny teny kantoney.

Fanoratana

Ny soratra anoratana ireo teny sinoa ireo dia tokana ihany, fa ny fanononana azy fotsiny no samihafa. Ny soratra ampiasain'ny teny sinoa dia mifototra amin'ny kisarisary, izay nivoatra hatrany hatrany nohon'ny fanatsorana azy ireo. Ankehitriny dia roa no isan'ny endri-tsoratra ny teny sinoa, ny sinoa nentindrazana (ampiasaina ao Taiwan ary ao Hong kong) izay tsy nanatsotra ny endriky ny sinôgrama, ary ny teny sinoa notsorina (ampiasaina ao Sina entim-bahoaka) izay nipoitra ny taona 1956 tany amin'i Sina entim-bahoaka.

Misy ihany koa ny soratra antsoina hoe nüshu, ampiasain'ny vehivavy tsy mahazo manoratra.

Eny amin'ny faritra mizaka-tena, ampiasaina ihany koa ny soratra teratany toa ny dongba na ny dai.

Dikan-tsoratra

Maro ireo dikan-tsoratra izay mety ampaisaina ho an'ny teny sinoa:

- Ny hanyu pinyin, izay ampaisain'ny Repoblika entim-bahoakan'i Sina ;
- Ny bopomofo, ampiasaina any Taiwan ;
- Ny EFEO (École française d'Extrême-Orient) ;
- Ny Wade-Giles (ho an'ny teny putonghua) ary ny Yale (ho an'ny kantoney ary ny putonghua), ampiasain'ny firenena anglôsaksôna :
- Ny jyuting, ampiasaina any Hong Kong;

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_sinoa&oldid=979509"

Voaova farany tamin'ny 11 Janoary 2020 amin'ny 15:09 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.